



# Ao Raha

12pejy isan'andro

Talata 21 Jona 2011 • Lah.: 1752 • Vidiny: Ar. 200

## 9 Kolontsaina sy fanatanjahantena Ao Raha



Efa nitety faritra vitsivitsy teto Madagasikara i Erick Manana sy Jenny Fuhr

ERICK MANANA SY JENNY FUHR

## Hitohy amin'ny famoahana rakikira ny fampisehoana

**H**iverina any andafin'ny triaka indray ny alarobia izao. Taorian'ny seho indimy teto antanindrazana, dia andrasan'ireo mpankafy ny fivoahan'ny rakikiran' i Erick Manana sy Jenny Fuhr.

Efa nampanantena izany rahateo i Erick Manana, nandritra ny seho farany, tetsy amin'ny CCEsca ny faran'ny herinandro teo, izay hipoka tanteraka. «Hira vaovao avokoa no hatolotra ao anatin'io vokatra vaovao io», hoy ny fanazavan'ity mpanakanto ity. Santionany nomeny ireo nanatrika ny fampi-

sehoanany «2CVn-dRandria», izay ho lohatenin'ny rakikira vaovao ihany koa. Toy izany koa ilay hira «Marary fa tsara».

Niavaka tamin'ny fitetezam-paritra nataon' i Erick Manana tamin'ity taona ity ireo mpitendry, izay niara-dia taminy, izay lasa tarika iray mihitsy miaraka amin'i Jenny. «Efa nofisiko hatramin'ny ela ny fiarahan'ireo mpitendry ireo», hoy ihany i Erick Manana. Ankoatra azy roa dia hita ao anatin'ity tarika ity i Kaolibera (gitara), Nini (gitara beso), Bariliva (valiha), Donn e (sodina, amponga sy langoraona),

Titi (clarinette, sax), Sata (ampongalava) ary Solofo Bota (angorodao).

Tamin'ireo faritra nandalovany, dia nampiaiky hatrany ireo mpijery ny fahaizan'i Jenny, izay niaina tao anatin'ny mozika klasika nefa nahafehy tsara ireo gadona malagasy tsy miainga amin'ny naoty na ny solfa.

Ho an'ireo tsy afaka nijery ireny seho ireny dia hovokarin'ny mi-Ritsoka anaty kapila mangirana ny fampisehoana izay hivoaka fara fahatarany amin'ny volana septambra.

Faly Ran.